


**Ny CST Alain Ramaroson nivoaka avy ao amin'ny biraon'ny Zandarimaria misahana ny fikarohana sy ny heloka be vava ao Fiadànana**

Mbola manjavozavo tanteraka ny manodidina iny raharaha nanapoahan'olon-tsy fantatra grenady nahalatsaka ain'olona teo Anosy iny, hatramin'izao.

Nisy ihany ny efa nosamborina natao fanadihadiana niikasika azy io, nefa mety tsy mbola nahitam-bokany matoa tsy nitohy ny fisamborana. Mety hiova paika mihitsy, manomboka izao, ny fizotry ny raharaha noho ny paikady vaovao nosafidin'ny mpanao fanadihadiana. Nampiantsoina teny amin'ny biraon'ny zandary misahana ny fikarohana ny heloka bevava ary, omaly 2 Febroary 2014, ny filohan'ny vaomieran'ny fiarovam-pirenena sy ny fandriampahalemana ao amin'ny CST, Ramaroson Alain. Niatrika dinika mitokana tamin'ireo tompon'andraikitra misahana ny fanadihadiana iny raharaha iny nandritra ny ora maromaro tao izy vao nivoaka. Nampahafantariny ny mpanao gazety teo ivelan'ny vavahady fa fihaonana fiaraha-miasa, hanafainganana ny fikarohana ny tompon'antoka tamin'iny asa fampihorohoroana iny no fototry ny fiantsoana azy tao.


www.madagate.com